# TOROLALANA AMPIHARANA NY FEHEZAM-PITSIPIKA HO AN'NY FIKOLOAMPAHASALAMANA ETO AMIN'NY KOMINA ANTANANARIVO RENIVOHITRA

Araka ny Didim-pitondrana lah. 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, notovanana sy nasiam-panovana araka ny Didim-pitondrana lah. 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy lah. 260/20 tamin'ny 25 May 2020

# Fanoroana pejy

## I – Fizarana voalohany
## Ny fotodrafitrasa sy ny tontolo iaînana


**Ny fanajariana ny trano fonenana** ........ 8
Tsy fahadiovan'ny trano fonenana sy ny miankina aminy........ 9
Fanarian-drano avy amin'ny tafontrano eny an-dalambe na miteraka fanelingelenana ny hafa ........ 10
Tsy fanotofana ireo lavaka miteraka fiandronan'ny rano na fahasimban'ny fotodrafitrasa, na tsy fikorianan'ny rano noho ny asa fanamboarana ........ 11
Tsy fanesorana ireo fanantazana tsy miasa sy ireo miankina aminy ........ 12
Tsy ara-pahasalamana ny trano fonenana ........ 13
Trano atahorana hitera-doza tampoka........ 14
Tsy fanapahana ny tahon-kazo mihoatra ny faritry ny tanànany ka lasa any amin'ny tanàna mifanila na mitatao amin'ny lalana . 15

**Ny fikojakojana ny lakandrano**........ 16
Fanariana rano amin'ny lalandriaka tsy misy fahazoandalana.... 17
Tsy famelana ny ranonorana hikoriana........ 18
Mikasika ireo tatatra eny anivon'ny Fokontany sy ny miankina aminy ........ 19

**Ny fahadiovan'ny lalambahoaka** ........ 20
Tsy fahavitan'ny fandokoana sy ny fanadiovana ny trano indray mandeha ao anatin'ny dimy (5) taona........ 21
Mamany, mangery, mandrora, mandrehoka ary manipy fako eny amin'ny lalana, kianja, toerambahoaka........ 22
Fatoriana, fonenana na fanahazan-damba eny amin'ireo kianja na zaridaina sy toerana fivezivezena........ 23

**Ny fiarovana ny renirano sy ny farihy** ........ 24
Fanipazana rano avy eny am-baravarankely mankeny amin'ny lalambahoaka, anaty tatatra, farihy na fametrahana ireo karazam-pako amin'ny sisiny........ 25

**Ny asa fanorenana**........ 26
Fametrahana kombarika sy fitaovana fanaovana fanorenana eny amin'ny lalambahoaka tsy nahazoana alalana........ 27
Fametrahana ny tany noloarana eny amin'ny toerana fivezivezen'ny besinimaro, tsy fametahana marika manokana ahafantarana izany, tsy fanadiovana ny toerana nampiasaina ... 28
Fanimbana fotodrafitrasa toy ny fantsona fitarihandrano tsy nisy alalana manokana........ 29
Fandavahana lalana hampidirana fantsona sy tsy famerenana izany amin'ny laoniny ........ 30
Fampiasana fitaovana miteraka hovitra tsy nahazoana alalana . 31


## II – Fizarana faharoa
## Ny tsena


**Ny varotra an-tsena** ........ 34
Fanaovana varotra ivelan'ny toerana natokana ataon'ny mpamokatra sy ny mpiantoka, Varotra voankazo manta akaiky sekoly, Varotra trondro lena ivelan'ny toerana nahazoandalana. 35
Varotra tsy ambony akalana ........ 36
Fivarotana sy fikirakirana vokatra na zavatra miteraka vovoka tsy anaty lasaka ary tsy misy fahazoandalana ........ 37
Tsy fanariana ny fako ara-potoana, ary tsy fanajana ny ora fisokafana sy fikatonan'ny tsena ........ 38
Varotra amoron-dalana........ 39

Mamatsy entambarotra ireo mpivarotra amoron-dalana ......... 40
Fivarotana sy fanapoahana tsipoapoaka ......... 41
**Ny varotra hanimasaka ataon'ny gargote** ......... 42
**Ny varotra hanimasaka ataon'ny bouffe mobile** ......... 43
Varotra hanimasaka ivelan'ny toerana voatokana ao anaty tsena 44
Varotra hanimasaka tsy manaraka ny fenitry ny fahadiovana.... 45
Fampiasana afo kitay amin'ny varotra hani masaka, ary tsy fanadioavana ny toerana alohan'ny hikatonana ......... 46
Tsy fananana fanamarinana ara-pahasalamana ahafahana manao asa fivarotana hanimasaka ......... 47
**Ny varotra zavapistro misy alikaola** ......... 48
Fivarotana zavapisotro misy alikaola amin'ny toerana voarara .. 49
Famatsiana zavapisotro misy alikaola ireo mpivarotra izany amin'ny toerana voarara ......... 50
Tsy fanajana ny ora fisokafana sy fikatonan'ny trano fivarotana toaka ......... 51


## III – Fizarana fahatelo
## Ny fandraharahana


**Ny orinasa** ......... 54
Fanodinana akora mamoaka setroka sy mitera-bovoka ataon'ny orinasa ......... 55
Fandoroana fakonkanikany, fandrendrehana tara, fandoroana biriky tsy nahazoana alalana ......... 56
Tsy fanajanonana asa miteraka hovitra na feo mafy eo anelanelan'ny amin'ny 9 ora alina hatramin'ny 5 ora maraina na ny alahady tontolo andro ......... 57
Fanariana avy amin'ny orinasa sy toerampitsaboana rano maloto tsy nandalo fikajiana mialoha, fanariana ranontsolika.... 58
Fanariana amany, fako mivaingana avy amin'ny orinasa, hopitaly,... ......... 59
**Ny fiompiana** ......... 60
Tsy fandraisana fepetra mba hisorohana ny korontana mafy miverimberina ataon'ny biby, indrindra ny alika ......... 61
Fiompiana biby mihoatra ny folo tsy nahazoana alalana, miteraka fofona, tabataba... ......... 62
Firenirenen'ny biby fiompy ......... 63
**Ny karaoke** ......... 64
Tsy fanajana ny fahazoandalana amin'ny fanaovana Karaoke .... 65
**Ny fanaovana dokavarotra** ......... 66
Fametahana petadrindrina tsy nahazoana alalana ......... 67
Fanesorana ny marika famantarana sy fitanty dokavarotra sy marika tsy misy fahazoandalana ......... 68
Manelingelina noho ny hamafiny amin'ny fanamboarana motera, fanaovana dokavarotra amin'ny hira, fandefasana fandraisampeo na fanamafisampeo, dokavarotra manohintohina ny rafipisainana ......... 69


## IV – Fizarana fahaefatra
## Ny fitaterana sy ny fifamoivoizana


**Ny asa fitaterambahoaka ataon'ny taxibe** ......... 72
Fitaterana olona mararin'ny aretimifindra amin'ny fiara tsy natokana ho amin'izany ......... 73
**Ny asa fitaterana ataon'ny taxi** ......... 74
Fanajanonana fiara eny an-dalambe, maharitra, tsy anaty faritra nahazoana alalana avy amin'ny Komina ......... 75
**Ny asa fitaterana ataon'ny sarety** ......... 76
Fanaovana zavatra manohintohana ny fivamoivoizana na ny mpandeha an-tongotra ......... 77
**Ny fampiasana ny lalana sy ny toerambahoaka** ......... 78
Fanelingelenana ny fifamoivoizana amin'ny fametrahana fitaovana na fanaovana asa amin'ny lalambahoaka ......... 79
Asa fangatahana arahana zaza tsy ampy taona na mampitahotra ny olona angatahany ......... 80
Fanakorontanana amin'ny atoandro sy alina ataon'ireo mpitondra fiarakodia ......... 81

## V – Fizarana fahadimy
## Ny fidiovana sy ny fahasalamana


**Ny fampiasana ny baka fanariampako iombonana** .................. 84
Tsy fanariana ny fako amin'ny ora voatondro: 4 ora hariva hatramin'ny 8 ora alina .................. 85
Fanariana fotaka, fako mivaingana anaty fanariampako ho an'ny besinimaro: diky, tapabiriky, ranontany .................. 86

**Ny fanorenana sy ny fampiasana ny WC** .................. 88
Tsy fananana toerampivoahana ho an'ireo trano fonenana sy trano ampiasain'ny besinimaro .................. 89
Fanorenana lavapiringa latsaky ny 3m miala ny sisindalambahoaka na ny faritry ny tanàna mifanila .................. 90
Fampiasana ny gabone lavaka mandrapahafenony sy fanalana maloto amin'ny atoandro tsy nahazoana alalana amin'ny Kômina .................. 91

**Ny fampiasana ny fantsakana iombonana** .................. 92

**Ny fampiasana ny bassin lavoir** .................. 93
Fampiasana ny toerampantsakana iombonana hanasana fitaovan-dakozia, isasana, anasana lamba, fiara .................. 94
Fandotoana ny rano fisotro amin'ny fanariana fatim-biby, ny sisa avy amin'ny fivarotan-kena, zezika, diky .................. 95

**Ny valanaretina** .................. 96
Fandevenana am-pasandrazana olona matin'ny pesta na kôlerà 97
Famadihana olona matin'ny pesta na kôlerà latsaky ny fito taona .................. 98

**Ny fialamboly sy ny lanonana** .................. 100

Tsy fandraisana fepetra amin'ny fiparitahan'ny feo avy amin'ny zavamaneno .................. 101
Tsy fanajana ny fenitra mba tsy hiparitahan'ny feo amin'ny trano .................. 102
Tsy fanajana ny ora fampiasana fitaovana fanaovan-jaridaina sy fitaoavana hafa miteraka feo .................. 103
Famotehana fananan'olona, fihanihana andrinjiro, tamboho, rindrina, fampiasana famantaranoram-bahoaka, famaritana ny lalana amin'ny loko, fandrebirebena hanadalàna olona .................. 104


## VI – Fizarana fahaenina
## Paika fampiharana


**Ireo tomponandraikitry ny fampitsaharana ny fandikana ny CMH** .................. 108
**Ireo paika fampiharana** .................. 109
**Ireo paika fampiharana (tohiny)** .................. 110
**Ireo sazy vonodina** .................. 111


## VII – Fizarana fahafito
## Traikefa

### Des acquis de la Commune Urbaine d'Antananarivo en matière de gestion de la crise liée au COVID-19


**Gestion de l'hygiène des lieux publics et transports publics** .................. 114
**Service médical** .................. 115
**Gestion des dons destinés aux populations vulnérables** .................. 116

# Fizarana voalohany

## Ny fotodrafitrasa sy ny tontolo iainana

# Torolalana momba ny
# FANAJARIANA NY FONENANA

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fahadiovan'ny trano fonenana sy ny miankina aminy

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana eny an-toerana, Fampitandremana, Tatitry ny mpitsirika, Fandidiana handoa sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Fanadiovana avy hatrany, Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

9 andl 1, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 9**: Ny tompontrano na izay mipetraka ao aminy dia samy tomponandraikitra feno amin'ny fahadiovan'ny trano fonenany sy ny miankina aminy ary ny lalana manoloana azy. Tsy maintsy lokoana sy diovina ny trano, indray mandeha ao anatin'ny dimy taona fara-fahakeliny ary atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny fitsipika mifehy ny Tanàndehibe, indrindra ho an'ireo izay miorina amin'ny sisin'ny "avenue", arabe mikodàna, lalana ary lalankely ampiasain'ny vahoaka.
Ny tsy fanatanterahana ny fepetra voalaza etsy ambony ao anatin'ny fe-potoana voatondro dia mahatonga ny fandoavana ny sazy vonodina laharana faharoa ho an'ireo trano manamorona ny lalambahoaka sy ny fandoavana ny sazy vonodina laharana fahaefatra ho an'ireo trano manamorona ny araben'ny fahaleovantena miampy fanerena fampiharana didy ao anatin'ny fito (7) andro. Raha toa ka voalaza ho maloto ny trano iray aorian'ny fizahana ifotony ataon'ny manampahefana mahefa noho ny fangatahan'ny manodidina na noho ny iraka, ny Ben'ny tanàna dia afaka, na mandrara ny fonenana aminy, na mandidy ny tompony hanao asa fanadiovana na fandravana. Andraikitr'izy ireo ihany koa ny manapaka ny tahon-kazo mihoatra ny faritry ny tanànany ka lasa any amin'ny tanàna mifanila na mitatao amin'ny lalana.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanarian-drano avy amin'ny tafontrano eny an-dalambe na miteraka fanelingelenana ny hafa

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro misy taratasy fanamarinana.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

59, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 59**: Voarara ny mamela ny fikorianan'ny rano mivantana avy amin'ny tafontrano amin'ny lalambahoaka na amin'ny mpifanolobodirindrina. Ny ranonorana dia tsy maintsy akoriana amin'ny fantsom-pivoahana hatrany amin'ny fantsona akaiky indrindra aorian'ny fahazoana alalana mialoha avy amin'ny Ben'ny tanànan'ny Komina Antananarivo Renivohitra.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 33 andl 1, 39, 52, 54 andl 1, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 66, 67, 68, 73,74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fanotofana ireo lavaka miteraka fiandronan'ny rano na fahasimban'ny fotodrafitrasa, na tsy fikorianan'ny rano noho ny asa fanamboarana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony, Fampitandremana am-bava mba hanantanteraka ny asa, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

21, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 21**: Ao anatin'ny trano naorina sy ireo miankina aminy, tokontany, zaridaina, kianja, ireo lavaka sy lempona amin'ny tany dia tsy maintsy tampenan'ny tompontrano.
Amin'ny tany misy fanorenana, ny tompontrano na ny mpampiasa izany dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra mba ahafahan'ny rano rehetra mikoriana tsara sy mba hialàna amin'ny fiforonan'ny rano miandrona avy amin'ny orana, na fanasana na fanondrahana.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Tsy fanesorana ireo fanantazana tsy miasa sy ireo miankina aminy

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana am-bava, Fanantaterahana ny asa fanadiovana, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

22, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 22**: Izy ireo dia miandraikitra ny fanesorana ireo fanantazana tsy miasa na ny potik'ireo fanantazana, manodidina ny trano sy ny tokontany, ka mety hiteraka fiandronan'ny rano toy ny kapoaka efa foana, vakin-dovia, na vakin-tavoahangy.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Tsy ara-pahasalamana ny trano fonenana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fizahana ifotony, Firaketana an-tsoratra ny maha tsy ara-pahasalamana ny trano, Fakankevitry ny Komity Monisipaly misahana ny fikoloampahasalamana, Famoahana didim-pitondrana monisipaly mandidy ny fandravana na ny fanaovana asa fanadiovana sy fanamboarana ny trano.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000 miampy fanerena hanatanteraka ny didy ao anatin'ny 7 andro.

**› Andinin-dalàna**

9, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 9**: Ny tompontrano na izay mipetraka ao aminy dia samy tomponandraikitra feno amin'ny fahadiovan'ny trano fonenany sy ny miankina aminy ary ny lalana manoloana azy. Tsy maintsy lokoana sy diovina ny trano, indray mandeha ao anatin'ny dimy taona fara-fahakeliny ary atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny fitsipika mifehy ny Tanàn-dehibe, indrindra ho an'ireo izay miorina amin'ny sisin'ny "avenue", arabe mikodàna, lalana ary lalankely ampiasain'ny vahoaka.
Ny tsy fanatanterahana ny fepetra voalaza etsy ambony ao anatin'ny fe-potoana voatondro dia mahatonga ny fandoavana ny sazy vonodina laharana faharoa ho an'ireo trano manamorona ny lalambahoaka sy ny fandoavana ny sazy vonodina laharana fahaefatra ho an'ireo trano manamorona ny araben'ny fahaleovantena miampy fanerena fampiharana didy ao anatin'ny fito (7) andro. Raha toa ka voalaza ho maloto ny trano iray aorian'ny fizahana ifotony ataon'ny manampahefana mahefa noho ny fangatahan'ny manodidina na noho ny iraka, ny Ben'ny tanàna dia afaka, na mandrara ny fonenana aminy, na mandidy ny tompony hanao asa fanadiovana na fandravana. Andraikitr'izy ireo ihany koa ny manapaka ny tahon-kazo mihoatra ny faritry ny tanànany ka lasa any amin'ny tanàna mifanila na mitatao amin'ny lalana.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra valazan'ny andininy faha 9 andl 4, 15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika ny fandoavana sazy sokajy fahadimy.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Trano atahorana hitera-doza tampoka

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Fanatanterahana ny asa fandravana ataon'ny Komina.

**› Ireo sazy ampiharina**

Fandravana sy Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

63, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 63**: Ny Ben'ny tanàna dia afaka mandidy ny fandrodanana trano fonenana na fotodrafitrasa manamorona ny lalambahoaka rehefa nahita ny fitanana an-tsoratra nataon'ny iraka manokana ho amin'izany izay nahita fototra fa ireo fanorenana ireo dia mety hianjera sy mety hitera-doza ho an'ny vahoaka.
Raha mety hampidi-doza tampoka, ny Ben'ny tanàna dia manendry tekinisianina manampahaizana manokana handrafitra ao anatin'ny 24 ora ny tatitra ny amin'ny toetoetry ny fotodrafitrasa. Raha manamafy ny mahamaika na ny fahavoazana lehibe sy tampoka mety haterak'izany ny tatitra, ny manampahefana mahefa dia mampilaza avy hatrany ny tompony ary afaka manatanteraka avy hatrany ireo fepetra ilaina mba hitandroana ny filaminam-bahoaka. Ny tompony no miantoka ny lany rehetra amin'izany.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy 20, 15 andl 2, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.
Ny tsy fanarahan-dalàna maromaro amin'ny fotoana iray sy ny famerenankeloka dia mahatonga ny fampiharana avy hatrany ny sazy sokajy ambony.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fanapahana ny tahon-kazo mihoatra ny faritry ny tanànany ka lasa any amin'ny tanàna mifanila na mitatao amin'ny lalana

**› Paikady hampiharana ny lalana**

Fitsirihana eny ifotony, Fampitandremana arahana fandidiana hanapaka ny hazo mihoatra ny fefy, Fitsirihana fanindroany hisavana ny fahatontosan'ny asa, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro raha tsy efa ny fanapahana ny hazo.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

9, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 9**: Ny tompontrano na izay mipetraka ao aminy dia samy tomponandraikitra feno amin'ny fahadiovan'ny trano fonenany sy ny miankina aminy ary ny lalana manoloana azy. Tsy maintsy lokoana sy diovina ny trano, indray mandeha ao anatin'ny dimy taona fara-fahakeliny ary atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny fitsipika mifehy ny Tanàn-dehibe, indrindra ho an'ireo izay miorina amin'ny sisin'ny "avenue", arabe mikodàna, lalana ary lalankely ampiasain'ny vahoaka,
Ny tsy fanatanterahana ny fepetra voalaza etsy ambony ao anatin'ny fe-potoana voatondro dia mahatonga ny fandoavana ny sazy vonodina laharana faharoa ho an'ireo trano manamorona ny lalambahoaka sy ny fandoavana ny sazy vonodina laharana fahaefatra ho an'ireo trano manamorona ny araben'ny fahaleovantena miampy fanerena fampiharana didy ao anatin'ny fito (7) andro. Raha voalaza hoe maloto ny trano iray aorian'ny fizahana ifotony ataon'ny manampahefana mahefa noho ny fangatahan'ny manodidina na noho ny iraka, ny Ben'ny tanàna dia afaka, na mandrara ny fonenana aminy, na mandidy ny tompony hanao asa fanadiovana na fandravana.
Andraikitr'izy ireo ihany koa ny manapaka ny tahon-kazo mihoatra ny faritry ny tanànany ka lasa any amin'ny tanàna mifanila na mitatao amin'ny lalana.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

# Torolalana momba ny
# FIKOJAKOJANA NY LAKANDRANO

Didim-pitondrána Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrána Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA
### Fanariana rano amin'ny lalandriaka tsy misy fahazoandalana

› **Paikady ampiharana ny lalàna**
Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Fitanana an-tsoratra, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

› **Ireo sazy ampiharina**
Sazy ara-bola Ar 300 000

› **Andinin-dalàna**
61, 87 sy 90

› **Ny voalazan'ny andinin-dalàna**
**ANDININY 61**: Ny fanariana ny rano avy amin'ny tanàna manamorona mankao anatin'ny lalandriaka ambanin'ny lalambahoaka dia tsy maintsy tarihina mivantana ka ny fitaovana sy ny fepetra amin'izany dia izay voalaza ao anatin'ny fahazoandalana.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 33 andl 1, 39, 52, 54 andl 1, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Tsy famelana ny ranonorana hikoriana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

58, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 58**: Ireo tanàna rehetra ambany lalana dia tsy maintsy mamela malalaka ny fikorianan'ny rano, indrindra ny ranonorana.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73,74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Mikasika ireo tatatra eny anivon'ny Fokontany sy ny miankina aminy


**› Paikady ampiharana ny lalàna**
Tatitra avy amin'ny BMH na fitsirihana ataon'ny mpanadihady ara-pahasalamana.

**› Andinin-dalàna**
17

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**
**ANDININY 17**: Ireo tomponandraikitry ny Fokontany dia manara-maso ny fiasan'ny lakandrano fanariana rano maloto sy ny tsy hisian'ny rano miandrona na fako amin'ny lalankely ao amin'ny faripiadidiany.

# Torolalana momba ny FAHADIOVAN'NY LALAMBAHOAKA

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA
### Tsy fahavitan'ny fandokoana sy ny fanadiovana ny trano indray mandeha ao anatin'ny dimy (5) taona

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fanomezana taratasy fandidiana ho amin'ny fandokoana, Fitsirihana hisavana ny fahavitan'izany, Fanomezana taratasy fandidiana ny hanaovana ny fandokoana ao anatin'ny 7 andro sy fanomezana taratasy handoavana ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Fanenjehana ady heloka eny amin'ny fitsarana.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000 (ho an'ny trano manamorona ny lalambahoaka) ary Ar 1 000 000 (ho an'ny trano manamorona ny araben'ny fahaleovantena).

**› Andinin-dalàna**

9 andl 2, 87, 89, 91

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 9**: Ny tompontrano na izay mipetraka ao aminy dia samy tomponandraikitra feno amin'ny fahadiovan'ny trano fonenany sy ny miankina aminy ary ny lalana manoloana azy. Tsy maintsy lokoana sy diovina ny trano, indray mandeha ao anatin'ny dimy taona fara-fahakeliny ary atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny fitsipika mifehy ny Tanàn-dehibe, indrindra ho an'ireo izay miorina amin'ny sisin'ny "avenue", arabe mikodàna, lalana ary lalankely ampiasain'ny vahoaka.
Ny tsy fanatanterahana ny fepetra voalaza etsy ambony ao anatin'ny fe-potoana voatondro dia mahatonga ny fandoavana ny sazy vonodina laharana faharoa ho an'ireo trano manamorona ny lalambahoaka sy ny fandoavana ny sazy vonodina laharana fahaefatra ho an'ireo trano manamorona ny araben'ny fahaleovantena miampy fanerena fampiharana didy ao anatin'ny fito (7) andro. Raha toa ka voalaza ho maloto ny trano iray aorian'ny fizahana ifotony ataon'ny manampahefana mahefa noho ny fangatahan'ny manodidina na noho ny iraka, ny Ben'ny tanàna dia afaka, na mandrara ny fonenana aminy, na mandidy ny tompony hanao asa fanadiovana na fandravana. Andraikitr'izy ireo ihany koa ny manapaka ny tahon-kazo mihoatra ny faritry ny tanànany ka lasa any amin'ny tanàna mifanila na mitatao amin'ny lalana.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

**ANDININY 91**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 2, 53, 56 andl 2, 80, 81, 82 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahaefatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Mamany, mangery, mandrora, mandrehoka ary manipy fako eny amin'ny lalana, kianja, toerambahoaka

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Famerenana amin'ny laoniny ny fahadiovana amin'ny fanadiovana na fandraofana miaraka amin'ny vava ny loto izay natao, na fandidiana handoa ny sazy ara-bola any amin'ny toerana voatondro misy taratasy fanamarinana.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

31, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 31**: Ny fanajana ny fahadiovana dia adidy sy andraikitry ny tsirairay. Ny famaniana na fanipazana diky ivelan'ireo fotodrafitrasa natokana ho amin'izany, ny mandrehoka, ny mandrora amin'ny toerana rehetra, ny famelana ny biby angeringery eny amin'ny lalana, dia voarara tanteraka, izay miteraka fanadioavana eo no ho eo ny toerana sy ny manodidina azy. Ny mpampiasa lalana, ny mpandalo ary ireo mpamily dia tomponandraikitra ny amin'ny fitandroana ny fahadiovan'ny manodidina sy ny fitaterana manokana na fitaterambahoaka. Ny fanipazana fonosana na inona karazany amin'ny lalana, kianja na toerambahoaka dia mahatonga izay nanao izany ho voasazy vonodina, ankoatra ny fanatanterahana ny sazy voalaza amin'ny andalana etsy ambony izay mifototra amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahadiovana.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fatoriana, fonenana na fanahazan-damba eny amin'ireo kianja na zaridaina sy toerana fivezivezena

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana miampy fandidiana: Fanesorana, Fanangonana ny lamba, Fialana, Fandoavana ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5000

**› Andinin-dalàna**

68 andl 2, 69, 87 sy 88

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 68**: Ireo lalambahoaka sy ireo miankina aminy dia tsy azo ampiasaina ho an'ny tombotsoa manokana, toy ny trano garazy, fivarotana zavatra tonta na hilalaovana (babyfoot, billard), ny fanahazam-bary, ny fivarotana fasika sy vatokely ary koa ny fivarotana ireo fitaovana fanamboarana trano ka iharan'ny fandraofana ho an'ny tombotsoan'ny Komina raha toa ny sandan' ny entana nalain'ny Komina ka ambanin'ny sazy voafaritry ny andininy faha sivifolo (90). Amin'ny tranga mifanohitra amin'izany, ny mpandika lalàna dia didiana handoa ny sazy mifanaraka amin'izay voalazan'ny didy amam-pitsipika manankery.
Ny fanahazan-damba eny amin'ny lalambahoaka sy ny miankina aminy dia faizina amin'ny fanesorana miaraka amin'ny vava ireo lamba miampy fandoavana lamandy sokajy voalohany.
Ireo sakafo mora simba nogiazana dia hatolotra ireo hopitaly sy ireo mpanao asa soa.
Ny fanasana fiarakodia rehetra sy hafa amin'ny lalambahoaka sy ireo miankina aminy dia voarara.

**ANDININY 69**: Voarara tanteraka ny fanaovana ny toerambahoaka, ny tsena, ny sisindalana, ny lavarangana na ny toerana rehetra tsy natokana ho amin'izany, ho fonenana na fatoriana.
Na izany aza, ity fepetra ity dia tsy mihatra amin'ireo mpamokatra, nahazo alalana avy amin'ny Ben'ny tananan'Antananarivo Renivohitra araka ireo fepetra voalazan'ity Fehezam-pitsipika ity.

**ANDININY 88**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 14, 68 andl 2, 69, 83 amin'ity didim-pitondrana ity dia mite-raka fandoavana sazy sokajy voalohany taorian'ny fampitandremana am-bava hiala avy hatrany amin'ny toerana na hanajanona ny tsy fanarahan-dalàna.

# Torolalana momba ny
# FIAROVANA NY RENIRANO SY NY FARIHY

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

**Fanipazana rano avy eny am-baravarankely mankeny amin'ny lalambahoaka, anaty tatatra, farihy na fametrahana ireo karazam-pako amin'ny sisiny**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

19, 87 sy 89


**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 19**: Voarara tanteraka ny manipy rano maloto avy eny am-baravarankely na ny manary izany eny amin'ny lalambahoaka.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

# Torolalana momba ny
# ASA FANORENANA

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fametrahana kombarika sy fitaovana fanaovana fanorenana eny amin'ny lalambahoaka tsy nahazoana alalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana sy Fandidiana mba hanala izany avy hatrany, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000
Fandraofana ireo akora.

**› Andinin-dalàna**

64, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 64**: Voarara ny mametraka amin'ny lalambahoaka sy ny miankina aminy, toerana na trano fiasana ho famatsiana sy hika-rakarana fitaovana amin'ny fanorenana toy ny fasika, vato kilonjy, vatokely, na ny mametraka korotan-javatra, poti-javatra avy amin'ny fandravana, raha tsy nahazoana alalana mialoha avy amin'ny Ben'ny tanàn'ny Komina Antananarivo Renivohitra.
Ireo mpandraharaha nahazo alalana dia tsy mahazo manao kombarika sy rafi-kazo raha tsy nandray ny fepetra manokana mba hianto-hany ny fahamafisan'ny kombarika sy rafi-kazo, ny tsy hianjeran'ny fitaovana sy vatokely araka izay voalazan'ny andalana teo aloha ary ny tsy hanakorontanana ny filaminana sy fizotran'ny fifamoivoizana amin'ny lalambahoaka.

**ANDININY 65**: Ny fahazoandalana hampiasa ny lalambahoaka, hametraka toerampiasana sy kombarika manamorona izany lalana izany, mba hanatanterahana ireo asa dia mifanaraka amin'ireo famelan'ny tomponandraikitry ny fanadiovana, izay tokony hanaovana fangatahana mialoha. Amin'ny tranga rehetra, ny fampiasana ny lalambahoaka sy ireo miankina aminy dia tsy tokony hihoatra ny 48 ora.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 33 andl 1, 39, 52, 54 andl 1, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fametrahana ny tany noloarana eny amin'ny toerana fivezivezen'ny besinimaro, tsy fametahana marika manokana ahafantarana izany, tsy fanadiovana ny toerana nampiasaina

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana miampy fandidiana hanala ny fitaovana sy ny ranontany, misy fitanana an-tsoratra, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro,
Raha tsy manantanteraka ireo voalaza ireo ny nahazo alalana dia ny Komina no manala azy.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000
Fanalana avy hatrany ny ranontany.

**› Andinin-dalàna**

66, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 66**: Ilay nahazo alalana dia tsy maintsy manala avy hatrany aorian'ny fahavitan'ny ampahan'asa ireo tany noloarana mba hampahalalaka tsy misy fahatarana ny fampiasana ny lalambahoaka. Ny Komina dia afaka manala an-tery ireo ranontany ary dia afaka mitaky fanomezantanana avy amin'ny mpitandro ny filaminana raha toa ka hitany ny ilana izany.
Ireo faritra anaovana ny asa ireo dia tokony hofefena hatrany amin'ny hazo sy tady na fitaovana hafa mitovy aminy nahazoana alalana. Tokony hapetraka ho hita tsara manoloana ny toerana hanaovana asa sy fitahirizanentana amin'ny lalambahoaka ny takelaka fampahafantarana na zavatra mamiratra.
Ny Komina Antananarivo Renivohitra ihany koa, dia afaka mametraka, na mandidy, raha hitany fa ilaina izany, ny fiambenan'ny olona mpiandry ireo toerana hanaovana asa izay ny mpiantokasa no mandoa ny sarany.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 33 andl1, 39, 52, 54 andl 1, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanimbana fotodrafitrasa toy ny fantsona fitarihandrano tsy nisy alalana manokana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Famerenana amin'ny laoniny na fitoriana eo anivon'ny fitsarana mahefa.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

67, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 67**: Tsy misy afaka manimba ireo fotodrafitrasa isan-karazany toy ny fantsona, fitarihana, efa napetraka, na nataon'ireo andrimpanjakana isan-tsokajiny, na nataon'ny olon-tsotra, raha tsy nahazo alalana manokana avy tamin'ny Ben'ny tanànan'ny Komina Antananarivo Renivohitra. Tsy maintsy haverina amin'ny laoniny ireo simban'ny asa natao.
Ny Komina Antananarivo Renivohitra dia malalaka amin'ny fampiharana ny fanamboarana ireo fotodrafitrasany araka ny fitaovana ananany ka haloan'ilay nahazo alalana ny lany amin'izany.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fandavahana lalana hampidirana fantsona sy tsy famerenana izany amin'ny laoniny

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony sy fizahana ny taratasy fahazoandalana, Fampitandremana am-bava, Fitanana an-tsoratra, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000
Asa famerenana amin'ny laoniny.

**› Andinin-dalàna**

60, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 60**: Ny fametrahana amin'ny lalana ireo fitarihana mba hikorianana sy hitsinjarana ny rano, dia tsy maintsy ahazoana alàlana mialoha avy amin'ny Ben'ny tanànan'ny Komina Antananarivo Renivohitra.
Ny fahazoandalana no mamaritra ireo fepetra hanatanterahana ny asa, indrindra ny fanokafana ireo tatatra, ny tsy maintsy hamerenana amin'ny laoniny ny lalana. Ny fantsona fitsinjarana rano dia alevina farafahakeliny amin'ny 0,70 m ambanin'ny tany.
Aorian'ny asa famerenana amin'ny laoniny ny atilalana izay ataon'ny mpangataka, ny Komina dia manantanteraka fanamarinana ifotony ary afaka mitaky fepetra manokana raha ilaina.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 2, 21, 23, 24, 25, 32, 33 andl 1, 39, 52, 54 andl 1, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 66, 67, 68, 73,74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Fampiasana fitaovana miteraka hovitra tsy nahazoana alalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**
Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**
Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**
73, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**
**ANDININY 73**: Ny fampiasana zavatra na fitaovana, isan-karazany, mety hiteraka feo na hovitra mafy dia mila fahazoandalana avy amin'ny Sampandraharaha monisipaly ankoatra ireo takian' ny didy aman-dalàna hafa.


**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

# Fizarana faharoa

## Ny tsena

# Torolalana momba ny VAROTRA AN-TSENA

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

**Fanaovana varotra ivelan'ny toerana natokana ataon'ny mpamokatra sy ny mpiantoka, Varotra voankazo manta akaiky sekoly, Varotra trondro lena ivelan'ny toerana nahazoandalana**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Fandraofana avy hatrany ny entambarotra tsy ara-dalàna.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

34, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 34**: Voarara ny fanaovana varotra na inona na inona sokajiny ivelan'ny toerana natokana ho amin'izany.
Ireo toerana rehetra natokana ho an'ny tsena dia tsy maintsy anaovana fanadiovana faobe, fiarovana amin'ny otrikaretina ary famonoana bibikely ara-potoana izay ataon'ny sampandraharahan'ny fitandroana ny fahasalamana.
Ireo mpamokatra sy mpiantoka dia manana adidy tsy hivarotra hafa tsy ireo entambarotra sy vokatra fihinana ara-pahasalamana sy azo amidy raha tsy izany dia ho raofina sy ho potehina avy hatrany izay tsy anarahana fombafomba hafa. Voarara tanteraka ny fivarotana voankazo manta eo amin'ny faritra manakaiky sekoly amin'ny faritry ny Kominina Antananarivo Renivohitra. Voarara avokoa ny fivarotana trondro lena sy sakafo manta ivelan'ny toerana nahazoan-dalana.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

# FANDIKAN-DALÀNA
## Varotra tsy ambony akalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana am-bava ataon'ny mpiasan'ny tsena. Tatitra an-tsoratra. Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro. Fandraofana ny entambarotra.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

43, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 43**: Ny varotra rehetra dia tsy maintsy ambony akalana miala 70 sm amin'ny tany. Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ity toko ity dia mahatonga izay nanao izany ho iharan'ireo sazy vonodina voalazan'ity Fehezam-pitsipika ity.
Ireo sazy vonodina voalazan'ity didim-pitondrana ity dia azo ampiharina aorian'ny fampitandremana tsy nisy vokany ankoatra ny tsy maintsy handraofany ireo entambarotra.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fivarotana sy fikirakirana vokatra na zavatra miteraka vovoka tsy anaty lasaka ary tsy misy fahazoandalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana eny an-toerana sy fandraketana an-tsoratra ny zava-misy, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro misy taratasy fanamarinana.

**› Ireo sazy ampiharina**

Fanidiana avy hatrany ny toerampivarotana, fandraofana ny entana ary fandoavana ny sazy ara-bola Ar 50 000.

**› Andinin-dalàna**

33 andl 5, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 33**: Ny fanodinana ireo akora mamoaka setroka na ny fivarotana vokatra miteraka vovoka noho ny fikirakirana azy izay mandoto ny tontolo iainan'ny trano manodidina dia tsy maintsy manana fahazoandalana miorina eo an-toerana ialohavan'ny fanadihadiana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra mba hiarovana ny fihanaky ny vovoka avy amin'ny fikirakirana ireo entambarotra ireo. Ny fanaovana azy anaty kitapo na kitapokely dia tsy maintsy hatao.
Ny tompon'ny orinasa na mpivarotra ireo akora mety hitera-bovoka ireo dia tomponandraikitra feno amin'ny fahavoazana avy amin'ny fandotoana sy fanimbana ny tontolo iainana, vokatry ny fielezan'ny vovoka sy ireo akora samihafa mitera-doza avy amin'ny asa famokarana sahanin'izy ireo.
Ny fandikana ireo fepetra ireo dia mahatonga ny mpivarotra iharan'ny fanakatonana avy hatrany ny asa ataony na ny toerampivarotana ankoatra ny sazy vonodina voalazan'ity didim-pitondrana ity.
Ho an'ny orinasa na ozinina, ivelan'ny fandoavana sazy sokajy fahadimy dia mety hisy ny fandidiana fikatonana vonjimaika ary mifarana izany rehefa hita ny fanatanterahana ny fepetra notakian'ny Komina.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalana ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fanariana ny fako ara-potoana, ary tsy fanajana ny ora fisokafana sy fikatonan'ny tsena

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

42, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 42**: Ny mpivarotra isan-karazany rehetra dia tsy maintsy manana kifafa sy fanariampako tsirairay avy izay hametrahany ireo fako rehetra noho ny fanatanterahany ny asany. Ny fanariana izany fako sy karazam-pako izany anaty toerana iombonana dia tsy maintsy hataon'ireo mpivarotra ihany, manomboka amin'ny 5 ora hariva mandrapikatonan'ny tsena. Ny mpivarotra tsirairay dia didiana hanaja ny ora fisokafan'ny tsena manomboka amin'ny enina ora maraina sy ny ora fikatonan'ny tsena amin'ny enina ora hariva.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Varotra amoron-dalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

56 andl 1, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 56 andl 1**: Voarara ny fivarotana entana na zavatra hafa rehetra ivelan'ny toerana voatokana na nahazoana alàlana avy amin'ny manampahefana mahefa, indrindra amin'ny sisindalana sy ny lalambahoaka izay mety hiteraka sakana amin'ny fivezivezen'ny olona sy ny fiarakodia.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Mamatsy entambarotra ireo mpivarotra amoron-dalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 1 000 000

**› Andinin-dalàna**

56 andl 2, 87 sy 91

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 56 andl 2**: Ny mpivarotra ary koa ny mpamatsy entambarotra izay amidy eny amin'ny toerana voarara araka ny andalana eo aloha dia omena sazy famaizana araka ny andininy faha sivifolo (90) ho an'ny mpivarotra ary araka ny andininy faha iraika ambisivifolo (91) ho an'ny mpamatsy.

**ANDININY 91**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 2, 53, 56 andl 2, 80, 81, 82 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahaefatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fivarotana sy fanapoahana tsipoapoaka

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Famerenana amin'ny laoniny ny fahavoazana mahazo ny hafa.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 1 000 000

**› Andinin-dalàna**

82, 87 sy 91

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 82**: Ny fanapoahana tsipoapoaka na zavatra hafa manjelatra amin'ny fotoana isan-karazany sy ny fivarotana na fitsinjarana izany entana izany dia ilàna fahazoandalana avy amin'ny Ben'ny tanànan'ny Komina Renivohitra na ny olona nomeny fahefana ho amin'izany ankoatra izay takian'ireo didy aman-dalàna hafa.

Na dia izany aza, ny fivarotana tsipoapoaka sy zavatra manjelatra dia voarara ho an'ny zatovo latsaky ny 16 taona.

Ny fandikana izany fepetra izany dia miteraka fandraofana izany entana izany ary mahatonga ilay mpitana azy ho voasazy handoa sazy vonodina voalazan'ity Fehezam-pitsipika ity ankoatra ny famerenana amin'ny laoniny ireo fahasimbana nateraky ny fipoahana tamin'ny mpifanolobodirindrina.

**ANDININY 91**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 2, 53, 56 andl 2, 80, 81, 82 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahaefatra.


# Torolalana momba ny
# VAROTRA HANIMASAKA ATAON'NY GARGOTE

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



# Torolalana momba ny
# VAROTRA HANIMASAKA ATAON'NY BOUFFE MOBILE

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA

### Varotra hanimasaka ivelan'ny toerana voatokana ao anaty tsena

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Fandraofana avy hatrany ny entambarotra tsy ara-dalàna.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

35, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 35**: Hentitra ny fandraràna ny fivarotana hanimasaka ivelan'ny toerana voatokana sy nojariana manokana ho amin'izany ao anatin'ny tsena. Ny tsy fanajana io lamina io dia mitarika fandraofana avy hatrany sy ny fanapotehana ireo entana aorian'ny fitanana an-tsoratra ataon'ny mpanenjika ny fandikan-dalàna.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Varotra hanimasaka tsy manaraka ny fenitry ny fahadiovana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Fandraofana avy hatrany, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

36, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 36**: Ny varotra hanimasaka sy sakafo fihinana dia tokony anaty vatafitaratra mihidy tsara izay tsy tafiditry ny bibikely na ny vovoka. Tsy maintsy ampiasana fonon-tanana, na raha tsy misy dia fitaovana voatokana handraisana ireo sakafo amidy.
Tokony manana rano, na tahirin-drano fisotro madio avokoa ny fivarotana hanimasaka rehetra.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fampiasana afo kitay amin'ny varotra hanimasaka, ary tsy fanadioavana ny toerana alohan'ny hikatonana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro,

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

38, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 38**: Voarara ny fampiasana kitay amin'ny varotra hanimasaka. Ny mpivarotra tsirairay dia tsy maintsy mandray fepetra mba ahatonga ny fatana gazy na afonarina tsy hanelingelina ny fivezivezen'ny mpandeha an-tongotra. Tokony hamboariny ny toerana mba ahazoany mampiasa fatana mandeha amin'ny gazy na arina.
Ny toerana nomena ireo mpivarotra hanimasaka dia tsy maintsy sasany sy dioviny alohan'ny hikatonany. Aorian'ny fikatonana, dia voarara ny fidirana ao anatin'izany na dia ho an'ny mpivarotra aza.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fananana fanamarinana ara-pahasalamana ahafahana manao asa fivarotana hanimasaka

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Fisintonana avy hatrany ny fahazoandalana hivarotra.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

44, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 44**: Ny mpivarotra hanimasaka sy sakafo dia tsy maintsy manao fizahampasalamana isan-taona mba ahafahany manao ny asa. Ny fanamarinana avy amin'ny dokotera ny amin'ny fahafahana mivarotra dia tokony hita mandrakariva eny amin'ny toerampivarotana. Ny tsy fanatanterahana izany dia mitarika fampiatoana na fisintonana avy hatrany ny fahazoandalana izay tsy misakana ny fampiharana ny sazy vonodina voalaza.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

# Torolalana momba ny
# VAROTRA ZAVAPISOTRO MISY ALIKAOLA

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fivarotana zavapisotro misy alikaola amin'ny toerana voarara

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

54 andl 1, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 54 andl 1**: Ankoatra ireo toerana voatokana, dia voarara tanteraka ny fivarotana zavapisotro misy alikaola izay mitarika fanasaziana vonodina sokajy faharoa amin'ity didim-pitondrana ity.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Famatsiana zavapisotro misy alikaola ireo mpivarotra izany amin'ny toerana voarara

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

54 andl 2, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 54 andl 2**: Ireo mpamatsy zavapisotro misy alikaola ho an'ireo mpivarotra tsy ara-dalàna izay voalazan'ny andalana eo ambony dia saziana amin'ny fandoavana lamandy sokajy fahadimy ankoatra ny fanenjehana azy ara-panjakana, ady madio, ady heloka izay voalazan'ny fehezan-dalàna mifehy ny hetra ary ny lalàna manankery mifehy ny zavapisotro misy alikaola.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 9 andl 4, 15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Tsy fanajana ny ora fisokafana sy fikatonan'ny trano fivarotana toaka

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

55, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 55**: Ao anatin'ny faritry ny Kominina Antananarivo Renivohitra, ny ora fisokafana sy fikatonan'ny mpamatsy zavapisotro misy alikaola amidy, hosotroina eo an-toerana na ho entina dia voafetra araka izao manaraka izao:

- Fisokafana: amin'ny enina ora maraina
- Fikatonana: amin'ny sivy ora alina

Io fepetra io dia tsy mihatra amin'ny:

- Tranombahiny, trano fisakafoana sy trano fandihizana;
- Toerampivoriana sy trano filanonam-bahoaka, an'ny miaramila na an'olon-tsotra izay efa matetika mikarakara hetsika na fety nahazoana alalana ara-dalàna avy amin'ny Ben'ny tanànan'ny Kominina Antananarivo Renivohitra.


**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

# Fizarana fahatelo

## Ny fandraharahana

# Torolalana momba ny ORINASA

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanodinana akora mamoaka setroka sy mitera-bovoka ataon'ny orinasa

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana eny an-toerana, Fanomezana taratasy fanakatonana vonjimaika ary Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

33 andl 6, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 33**: Ny fanodinana ireo akora mamoaka setroka na ny fivarotana vokatra miteraka vovoka noho ny fikirakirana azy izay mandoto ny tontolo iainan'ny trano manodidina dia tsy maintsy manana fahazoandalana miorina eo an-toerana ialohavan'ny fanadihadiana. Ny mpivarotra dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra mba hiarovana ny fihanaky ny vovoka avy amin'ny fikirakirana ireo entambarotra ireo. Ny fanaovana azy anaty kitapo na kitapokely dia tsy maintsy hatao.
Ny tompon'ny orinasa na mpivarotra ireo akora mety hitera-bovoka ireo dia tomponandraikitra feno amin'ny fahavoazana avy amin'ny fandotoana sy fanimbana ny tontolo iainana, vokatry ny fielezan'ny vovoka sy ireo akora samihafa mitera-doza avy amin'ny asa famokarana sahanin'izy ireo.
Ny fandikana ireo fepetra ireo dia mahatonga ny mpivarotra iharan'ny fanakatonana avy hatrany ny asa ataony na ny toerampivarotana ankoatra ny sazy vonodina voalazan'ity didim-pitondrana ity.
Ho an'ny orinasa na ozinina, ivelan'ny fandoavana sazy sokajy fahadimy dia mety hisy ny fandidiana fikatonana vonjimaika ary mifarana izany rehefa hita ny fanatanterahana ny fepetra notakian'ny Komina.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 14,15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahadimy.

# FANDIKAN-DALÀNA

## Fandoroana fakonkanikany, fandrendrehana tara, fandoroana biriky tsy nahazoana alalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

15 andl 2, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 15 andl 2**: Ny fandoroana biriky, fakonkanikany, fandrendrehana tara dia voarara raha tsy misy fahazoandalana avy amin'ny Komina Antananarivo Renivohitra izay manaraka ny taridalana sy fenitra avy amin'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 9 andl 4, 15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.

## FANDIKAN-DALÀNA

**Tsy fanajanonana asa miteraka hovitra na feo mafy eo anelanelan'ny amin'ny 9 ora alina hatramin'ny 5 ora maraina na ny alahady tontolo andro**

› **Paikady ampiharana ny lalàna**
Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

› **Ireo sazy ampiharina**
Sazy ara-bola Ar 300 000

› **Andinin-dalàna**
74, 75, 87 sy 90

› **Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 74**: Ny olona rehetra mampiasa amin'ny sehatry ny asa aman-draharahany, anatin'ny trano na ivelany, amin'ny lalambahoaka na anaty tanàna mitokana, zavatra na fitaovana isan-karazany, mety hiteraka feo na hovitra mafy sy fanakorontanana ny fialana sasatra na ny filaminantsain'ny mpiara-monina, dia tsy maintsy manajanona izany asa izany anelanelan'ny amin'ny sivy ora alina hatramin'ny dimy ora maraina sy ny tontolo andron'ny alahady sy ny andro tsy fiasana raha tsy noho ny firotsahana an-tsehatra vokatry ny amehana.

**ANDININY 75**: Misy alalana manokana noho ny fangatahana manana antony mazava ilana izany omen'ny Sampandraharaha monisipaly, raha hita fa ilaina ny fampiasana ireo fitaovana voalaza ivelan'ny ora sy andro nahazoana alalana voalazan'ny andininy faha 74 etsy ambony.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÂNA

### Fanariana avy amin'ny orinasa sy toerampitsaboana rano maloto tsy nandalo fikajiana mialoha, fanariana ranontsolika

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony; Fitanana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

20, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 20**: Ireo rano avy amin'ny orinasa mpanodina sy ny toerampitsaboana dia tsy azo ariana mihitsy ao anaty tatatra. Ny fanariana ireo dia amin'ny alalan'ny lalandrano na entina mivantana eny amin'ny fantsona. Tokony handalo fikajiana mialoha mifanaraka amin'ny karazany ireny ary tsy tokony hihoatra ny 30° ny hafanany.
Amin'ny lafiny rehetra, ny fanariana na fandefasana ny faika rehetra avy amin'ny orinasa mpanodina dia tsy maintsy manaraka ny toromarika voarakitra ao amin'ny tondrozotran'ny fiantraikan'ny asa sahanin'ny orinasa.
Voarara tanteraka ny fanipazana ranontsolika eny amin'ny fantsona fanarian-drano.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 9 andl 4, 15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanariana amany, fako mivaingana avy amin'ny orinasa, hopitaly,...

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoratra ny fandikan-dalàna. Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana mpandray izany. Fanerena ho amin'ny fanadiovana avy hatrany.

**› Ireo sazy ampiharina**

Fanadiovana avy hatrany ny loto izay natao.
Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

16, 87 sy 89


**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 16**: Ny fanariana fotaka, fako mivaingana, amany na diky ary amin'ny ankapobeny ireo vongana na zavatra mafy, ohatra biriky, fanitso, tavoahangy, vy, vatokely, fatin'entana, tapa-bozaka, fakofakon-jaridaina na voninkazo avy amin'ny fikojana, kodiarana tonta, baoritra, taratasy, fako azo avy amin'ny fanatanterahana asambarotra, ny poti-javatra avy amin'ny toerampitsaboana, toerampanodinana, ny poti-javatra mety hanimba ny fahasalamana, any anaty fanariampako iombonana dia voarara.
Ireo zavatra ireo dia taterin'ny tompony na ny orinasa any amin'ny fitobiampako, na mety ho ny sampandraharaha misahana ny fanadiovana ka andoavana vola. Rarana ihany koa ny manipy eny amin'ny lalambahoaka sy ireo miankina aminy toy ny sisindalana, ny lakandrano ary ny fantsona fanarian-drano maloto, ireo rano tsy ara-pahasalamana, fako, fotaka, fako avy any an-tokantrano, diky, fakondakozia ary ireo zavatra hafa rehetra mety hiteraka fanimbana, na fanelingelenana ny fikorianan'ny ranonorana, na ny fifamoivoizana ka hanimba ny fahadiovana na ny filaminam-bahoaka.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

# Torolalana momba ny FIOMPIANA

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA

**Tsy fandraisana fepetra mba hisorohana ny korontana mafy miverimberina ataon'ny biby, indrindra ny alika**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Fitanana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

79, 87sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 79**: Ireo tompony sy mpiompy biby, indrindra ny alika, dia tsy maintsy mandray ny fepetra manokana rehetra mba hisorohana ny fanelingelenana ny manodidina, amin'ny fampiasana ny fomba rehetra hanerena ireo biby tsy hikorontana miverimberina sy mafy, toy ny fehivava, fanofanana, indrindra koa ny fampidirana azy an-trano raha hiala ny toeramponenana ny tompony.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fiompiana biby mihoatra ny folo tsy nahazoana alalana, miteraka fofona, tabataba...

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony, Fampitandremana am-bava, Fitanana an-tsoratra ny zavamisy, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000
Fisintonana ny fahazoandalana

**› Andinin-dalàna**

25, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 25**: Ny fiompiana akoho amam-borona mihoatra ny 10, kisoa, soavaly, omby, ondry dia voarara anatin'ny faritra rehetra amin'ny Kominina Antananarivo Renivohitra raha tsy nahazoana alalana manokana avy amin'ny Ben'ny tanàna taorian'ny nametrahana fangatahana an-tsoratra ataon'ny tompony. Ny Fahazoandalana no mamaritra ireo fepetra ara-tekinika, indrindra ny elanelana tokony ho hajaina amin'ny trano hafa sy ny andraikitra ara-pahasalamana sy ny filaminam-bahoaka ary tokony hifanaraka amin'ireo didy amam-pitsipika manankery, indrindra fa ireo izay navoakan'ny prefekitiora. Ny fiovan-toerana rehetra sy ny fiorenana vaovao rehetra amin'ny taona diavina dia tsy maintsy hanaovana filazana ao anatin'ny iray volana.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Firenirenen'ny biby fiompy

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Fitanana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

27, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 27**: Ny firenirenen'ny biby fiompy dia voarara eto amin'ny fari-piadidian'ny Tanànan'Antananarivo ary sokajiana ho mpirenireny ireo biby tsy misy mpiahy sy ireo tsy arahin'ny tompony.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

# Torolalana momba ny KARAOKE

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA
### Tsy fanajana ny fahazoandalana amin'ny fanaovana Karaoke

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Famindrana ny raharaha eo anivon'ny prefekitiora.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

76, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 76**: Ireo tompon'ny trano fanaovana Karaoke dia tsy maintsy manaja izay voalazan'ny fahazoandalana toy ny ora fisokafana. Tsy maintsy hajaina ihany koa ny fepetra ny amin'ny fanorenana mikasika ny fahadiovana sy ny tsy fivoahan'ny feo mba itandroana ny filaminam-bahoaka sy ny fahasalamana.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 9 andl 4, 15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.

# Torolalana momba ny
# FANAOVANA DOKAVAROTRA

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fametahana petadrindrina tsy nahazoana alalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoaratra, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, Fanesorana avy hatrany ireo petadindrina, fanagiazana ny petadrindrina mbola tsy voapetaka.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

32, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 32**: Voarara ny fametrahana petadrindrina sy sorabaventy (banderole), marika famantarana ary tsatoby natokana ho an'ny dokavarotra, tsy nahazoana alalana avy amin'ny Kominina sy ivelan'ny toerana natokana ho amin'izany. Ny tompon'ireo fitanty dokavarotra ireo dia tsy maintsy mamerina amin'ny endriny teo aloha ny toerana aorian'ny fe-potoana voatondron'ny fahazoandalana.
Ny fandikana ity fepetra ity dia miteraka ny fandrovitana avy hatrany ary tsy anarahana fombafomba hafa ankoatra ny fanamelohana ireo nanao izany mba handoa sazy vonodina sy ny fanagiazana ireo taratasy hafa tsy mbola voapetaka.
Ny fanesorana ny marika famantarana sy ireo fitanty dokavarotra dia atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny lalàna manankery sy arahan'ny fanefana sazy ara-bola sokajy fahadimy.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanesorana ny marika famantarana sy fitanty dokavarotra sy marika tsy misy fahazoandalana

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Ar 5 000 000 isaky ny fitanty dokavarotra esorina.

**› Andinin-dalàna**

32 andl 3, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 32 andl 3**: Ny fanesorana ny marika famantarana sy ireo fitanty dokavarotra dia atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny lalàna manankery sy arahan'ny fanefana sazy ara-bola sokajy fahadimy isaky ny fitanty dokavarotra na marika famantarana tsy manara-dalana iray.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 9 andl 4, 15 andl 2, 20, 32 andl 3, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 63, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.

## FANDIKAN-DALÀNA

**Manelingelina noho ny hamafiny amin'ny fanamboarana motera, fanaovana dokavarotra amin'ny hira, fandefasana fandraisampeo na fanamafisampeo, dokavarotra manohintohina ny rafipisainana**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

72, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 72**: Raràna ireo feo manelingelina noho ny hamafiny, eny amin'ny lalambahoaka sy toerambahoaka na natao ho an'ny rehetra, indrindra ireo mety ho avy amin'ny:

1. Fanamboarana na fandaminana ny ao amin'ny motera, ankoatra ny fanamboarana mandritra ny fotoana fohy hamerenana ny fampandehanana ny fiara iray tsy afa-nihetsika noho ny fahasimbana tampoka teny am-pandehanana;
2. Ireo dokavarotra amin'ny antso na amin'ny hira;
3. Ireo dokavarotra izay mitondra fanohitohinana ny rafipisainana sy ny fomba amam-panao;
4. Fampiasana fitaovana sy fomba fampitana feo amin'ny fanamafisampeo, toy ny vata fandraisana onjampeo, fandraisampeo sy fandefasana kapila, raha tsy hoe ampiasaina manokana amin'ireo fitaovana ireo ny fihainoana mivantana;

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 and1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

# Fizarana fahaefatra

## Ny fitaterana sy ny fifamoivoizana

# Torolalana momba ny
# ASA FITATERAMBAHOAKA ATAON'NY TAXIBE

BUS

*Didim-pitondrâna Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrâna Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÂNA

**Fitaterana olona mararin'ny aretimifindra amin'ny fiara tsy natokana ho amin'izany**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

48, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 48**: Fiara voatokana avy amin'ny sampandraharaha misahana ny fahasalam-bahoaka no itaterana ny marary voan'ny aretimifindra ary tsy maintsy fendrahana ranompanafody mamono otrikaretina ny fiara raha vantany vao vita ny fanaterana ilay marary.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

# Torolalana momba ny
# ASA FITATERANA ATAON'NY TAXI

TAXI

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanajanonana fiara eny an-dalambe, maharitra, tsy anaty faritra nahazoana alalana avy amin'ny Komina

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana am-bava mba hanala izany, Firosoana amin'ny fanasaziana, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola mifanaraka amin'ny fandikan-dalàna eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

68, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 68**: Ireo lalambahoaka sy ny miankina aminy dia tsy azo ampiasaina ho an'ny tombotsoa manokana, toy ny trano garazy, fivarotana zavatra tonta na hilalaovana (babyfoot, billard), fanahazam-bary, fivarotana fasika sy vatokely ary ihany koa ny fivarotana ireo fitaovana fanamboarana trano ka iharan'ny fandraofana ho an'ny tombotsoan'ny Komina raha toa ny sandan'ny entana nalain'ny Komina ka ambanin'ny sazy voafaritry ny andininy faha sivifolo (90). Amin'ny tranga mifanohitra amin'izany, ny mpandika lalàna dia didiana handoa ny sazy mifanaraka amin'izay voalazan'ny didy amam-pitsipika manankery.
Ny fanahazan-damba eny amin'ny lalambahoaka sy ny miankina aminy dia faizina amin'ny fanesorana miaraka amin'ny vava ireo lamba miampy fandoavana lamandy sokajy voalohany.
Ireo sakafo mora simba nogiazana dia hatolotra ireo hopitaly sy ireo mpanao asa soa.
Ny fanasana fiarakodia rehetra sy ny hafa eny amin'ny lalambahoaka sy ireo miankina aminy dia voarara.
Voarara ihany koa ny mijanona na manajanona fiarakodia simba na mandeha, na toy inona toetrany na toy inona, amin'ny lalambahoaka sy ireo miankina aminy. Ny tompony na ilay nitondra dia tsy maintsy manala izany amin'ny fampitandremana voalohany ataon'ny iraka manao fanamarinana, raha tsy izany dia hafindra any ambalatsazin'ny Komina Antananarivo Renivohitra ilay fiarakodia ka ny tompony na ilay nitondra no mandoa ny lany rehetra amin'izany.
Ireo fiarakodia nogiazina dia tsy miverina amin'ny tompony ara-dalàna raha tsy aorian'ny fandoavana ireo vola lany rehetra ary ny sazy ara-panjakana.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24,25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

# Torolalana momba ny
# ASA FITATERANA ATAON'NY SARETY

*Didim-pitondrána Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrána Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanaovana zavatra manohintohana ny fivamoivoizana na ny mpandeha an-tongotra

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana am-bava, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

57, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 57**: Voarara tanteraka ny manelingelina ny lalana sy ireo miankina aminy, sy manakorontana ny filaminam-bahoaka sy ny firindran'ny fifamoivoizana.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

# Torolalana momba ny
# FAMPIASANA NY LALANA SY NY TOERAMBAHOAKA

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA
### Fanelingelenana ny fifamoivoizana amin'ny fametrahana fitaovana na fanaovana asa amin'ny lalambahoaka

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony, Fampitandremana miampy fandravana, Tatitra ataon'ny Tekinisianina, Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5 000 000

**› Andinin-dalàna**

62, 87 sy 92

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 62**: Voarara tanteraka ny fanaovana fanorenana rehetra manamorona ny lalambahoaka sy ny lalana voatokana ka mety hanelingelina ny fifamoivoizana raha tsy nahazoana alalana an-tsoratra avy amin'ny Komina Antananarivo Renivohitra, fahazoana alalana tsy mihoatra ny 48 ora.

**ANDININY 92**: Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy 20, 15 andl 2, 33 andl 5, 54 andl 2, 62, 76 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahadimy.
Ny tsy fanarahan-dalàna maromaro amin'ny fotoana iray sy ny famerenankeloka dia mahatonga ny fampiharana avy hatrany ny sazy sokajy ambony.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Asa fangatahana arahana zaza tsy ampy taona na mampitahotra ny olona angatahany

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fampitandremana am-bava, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro, raha mbola tratra mamerina.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 5000

**› Andinin-dalàna**

83, 87 sy 88

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 83**: Ireo olona rehetra manao ny asa fangatahana amin'ny endriny rehetra dia tokony tsy hanakorontana ny mpandeha an-tongotra sy ny mpamily fiarakodia. Izy ireo dia tsy tokony harahina biby masiaka na mety hasiaka, ary tsy tokony hampideradera fitaovana isan-karazany mba hampitahorana ireo olona angatahany.
Voarara tanteraka ny mangataka miaraka amin'ny zaza tsy ampy taona.

**ANDININY 88**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 14, 68 andl 2, 69, 83 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy voalohany taorian'ny fampitandremana am-bava hiala avy hatrany amin'ny toerana na hanajanona ny tsy fanarahan-dalàna.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fanakorontanana amin'ny atoandro sy alina ataon'ireo mpitondra fiarakodia

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

85, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 85**: Ny fanakorontanana amin'ny alina dia voarara; toy izany koa ny fanakorontanana amin'ny atoandro tsy misy antony voamarina ho ara-drariny. Voasokajy ho fanakorontanana amin'ny atoandro ireo kipantson'ny mpitondra fiarakodia tsy misy antony ara-drariny, ny hiaky ny mpanampin'ny mpamily hiantsoana mpandeha.


**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73,74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

# Fizarana fahadimy

## Ny fidiovana sy ny fahasalamana

# Torolalana momba ny
# FAMPIASANA NY BAKA FANARIAMPAKO IOMBONANA

*Didim-pitondrána Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrána Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

**Tsy fanariana ny fako amin'ny ora voatondro:**
**4 ora hariva hatramin'ny 8 ora alina**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**
Fampitandremana am-bava, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**
Sazy ara-bola Ar 5000

**› Andinin-dalàna**
14, 87 sy 88

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**
**ANDININY 14**: Ny fako dia tsy maintsy ho entina isanandro ivelan'ny toeramponenana ary apetraka any anatin'ny toerana voatokana ho amin'izany amin'ny 4 ora hariva hatramin'ny 8 ora alina. Ny tsy fanarahan'ny rehetra ireo ora voatondro ireo dia andoavana sazy vonodina.

**ANDININY 88**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 14, 68 andl 2, 69, 83 amin'ity didim-pitondrana ity dia mite-raka fandoavana sazy sokajy voalohany taorian'ny fampitandremana am-bava hiala avy hatrany amin'ny toerana na hanajanona ny tsy fanarahan-dalàna.

## FANDIKAN-DALÀNA

**Fanariana fotaka, fako mivaingana anaty fanariampako ho an'ny besinimaro: diky, tapabiriky, ranontany....**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoratra ny fandikan-dalàna,
Fandidiana hanefa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana mpandray izany, Fanerena ho amin'ny fanadiovana avy hatrany.

**› Ireo sazy ampiharina**

Fanadiovana avy hatrany ny loto izay natao, Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

16, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 16**: Ny fanariana fotaka, fako mivaingana, amany na diky ary amin'ny ankapobeny ireo vongana na zavatra mafy, ohatra biriky, fanitso, tavoahangy, vy, vatokely, fatin'entana, tapa-bozaka, fakofakon-jaridaina na voninkazo avy amin'ny fikojana, kodiarana tonta, baoritra, taratasy, fako azo avy amin'ny fanatanterahana asambarotra , ny poti-javatra avy amin'ny toerampitsaboana, toerampanodidinana, ny poti-javatra mety hanimba ny fahasalamana, any anaty fanariampako ikambanana dia voarara.
Ireo zavatra ireo dia taterin'ny tompony na ny orinasa any amin'ny fitobiampako, na mety ho ny sampandraharaha misahana ny fanadiovana ka andoavana vola. Rarana ihany koa ny manipy eny amin'ny lalambahoaka sy ireo miankina aminy toy ny sisindalana, ny lakandrano ary ny fantsona fanarian-drano maloto, ireo rano tsy ara-pahasalamana, fako, fotaka, fako avy any an-tokantrano, diky, fakondakozia ary ireo zavatra hafa rehetra mety hiteraka fanimbana, na fanelingelenana ny fikorianan'ny ranonorana, na ny fifamoivoizana ka hanimba ny fahadiovana na ny filaminam-bahoaka.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

# Torolalana momba ny
# FANORENANA SY FAMPIASANA NY W.C.

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fananana toerampivoahana ho an'ireo trano fonenana sy trano ampiasain'ny besinimaro

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony, Fampitandremana sy fitanana an-tsoratra ny fandikan-dalàna, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

10, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 10**: Ny trano fonenana na trano ampiasain'ny besinimaro dia tsy maintsy manana toerampivoahana.
Ireo trano fivoahana ivelan'ny trano fonenana dia tsy azo atao latsaky ny 3 metatra miala ny sisindalambahoaka na ny faritry ny tanàna mifanila. Tsy maintsy ezahana ny fikojana sy ny fanatsarana azy hatrany ary ny fahadiovany.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA
### Fanorenana lavapiringa latsaky ny 3m miala ny sisindalambahoaka na ny faritry ny tanàna mifanila

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony, Fampitandremana sy fitanana antsoratra ny fandikanan-dalàna, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

10, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 10**: Ny trano fonenana na trano ampiasain'ny besinimaro dia tsy maintsy manana toerampivoahana.
Ireo trano fivoahana ivelan'ny trano fonenana dia tsy azo atao latsaky ny 3 metatra miala ny sisindalambahoaka na ny faritry ny tanàna mifanila. Tsy maintsy ezahana ny fikojana sy ny fanatsarana azy hatrany ary ny fahadiovany.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Fampiasana ny lavapiringa mandrapahafenony sy fanalana maloto amin'ny atoandro tsy nahazoana alalana amin'ny Komina

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fidinana ifotony, Fampitandremana sy fitanana an-tsoratra ny fandikan-dalàna, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

11, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 11**: Tena voarara ny mampiasa lavapiringa mandrapahafenony tanteraka. Ny fanalàna maloto amin'ny lavapiringa dia tsy azo atao raha tsy nahazoana alalana tamin'ny Komina Renivohitra taorian'ny nametrahana fangatahana iray volana alohan'ny hanatanterahana izany. Ny fanantanterahana izany dia tsy maintsy atao amin'ny alina hafa tsy ireo mpanala maloto matihanina izay mampiasa fitaovana voatokana ho amin'izany.
Raha olona no mitaona ny maloto, dia halevina amin'ny toerana tsy mihoatra ny faritry ny tanànany izany.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitambokatra.

# Torolalana momba ny
# FAMPIASANA NY FANTSAKANA IOMBONANA

*Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.*



# Torolalana momba ny
# FAMPIASANA NY BASSIN LAVOIR

Didim-pitondrána Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrána Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA

### Fampiasana ny toerampantsakana iombonana hanasana fitaovan-dakozia, isasana, anasana lamba, fiara...

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoratra,
Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

23, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 23**: Ireo mpampiasa sy tomponandraikitra ny toerampantsakana dia tsy maintsy mandray fepetra mba tsy hisian'ny fiandronan'ny rano amin'ny manodidina mivantana ny fantsakana.
Voarara ny fampiasana ny fantsakambahoaka ankoatra ny famatsiana rano fisotro madio, indrindra ny fanasana lamba, ny fanasana fitaovan-dakozia, ny misasa, ny fanasana fiarakodia, ary voarara ihany koa ny fampidirana diky na akora hafa mety handoto ny loharano izay mamatsy ny rehetra.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

**Fandotoana ny rano fisotro amin'ny fanariana fatim-biby, ny sisa avy amin'ny fivarotan-kena, zezika, diky**

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana sy famerenana amin'ny laoniny ny fahadiovana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

24, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 24**: Voarara ny manary ireo fatim-biby, ireo sisa avy amin'ny fivarotan-kena, zezika avy amin'ny karazam-biby, na diky hafa, amin'ny ankapobeny dia ny sisam-biby mora lo anaty lavaka, ka mety handoto ny rano natao hosotroana.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

# Torolalana momba ny VALANARETINA

Didim-pitondrana Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondrana Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.









## FANDIKAN-DALÀNA

### Fandevenana am-pasandrazana olona matin'ny pesta na kôlerà

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitanana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

52, 87, 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalâna**

**ANDININY 52**: Ireo olona matin'ny pesta na kôlerà dia tsy azo alevina any amin'ny fasandrazany. Ny fandevenana dia atao eny amin'ny fasan'ny Komina voatokana ho amin'izany.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Famadihana olona matin'ny pesta na kôlerà latsaky ny fito taona

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitànana an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 1 000 000

**› Andinin-dalàna**

53, 87, 91

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 53**: Ny fakana sy famindran-toerana ny razana matin'ny pesta na kôlerà dia tsy azo atao raha tsy afaka 7 taona ary tsy maintsy nahazoana alalana avy amin'ny ambaratonga mahefa.

**ANDININY 91**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 2, 53, 56 andl 2, 80, 81, 82 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahaefatra.

# Torolalana momba ny FIALAMBOLY SY LANONANA

Didim-pitondràna Laharana 826/13 tamin'ny 27 Aogositra 2013, nasiam-panovana sy nofenoina araka ny Didim-pitondràna Laharana 219/20 tamin'ny 12 Martsa 2020 sy Laharana 260/20 tamin'ny 25 May 2020.



## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fandraisana fepetra amin'ny fiparitahan'ny feo avy amin'ny zavamaneno

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

78, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 78**: Ireo mponina amin'ny toeramponenana sy ny miankina aminy dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra mba tsy ho voakorontan'ny feo avy amin'ny tranony ireo mpiara-monina manodidina, toy ny vata famoahampeo, firaiketampeo, fitaovana fandrenesampeo sy fahitalavitra, zavamaneno, fitaovana maneno, fitaovana an-tokantrano sy ireo feo ateraky ny fanaovana kiraro mafy faladia na fanatanterahana asa na kilalao tsy mifanaraka amin'ireo trano ireo.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fanajana ny fenitra mba tsy hiparitahan'ny feo amin'ny trano

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 1 000 000

**› Andinin-dalàna**

80, 81, 87 sy 91

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 80**: Ny singa sy fampitaovana amin'ny trano dia tokony hotazonina amin'ny hatsarany mba tsy hisian'ny fiharatsian'ny fahafaham-pitazomampeo rehefa mandeha ny taona, io tanjona io koa dia tokony hampiharina amin'ny fanoloana azy.

**ANDININY 81**: Ny fepetra rehetra dia tokony raisina mba hamerana ny korontana mandritra ny fametrahana amin'ny trano fitaovana vaovao an'olon-tokana na itambarana.
Ireo fepetra ireo dia hampiharin'ny sampandraharaha sy fikambanana mahefa araka ny fenitra NFS 31.057 mikasika ny fanamarinana ny kalitao ara-peon'ny trano.

**ANDININY 91**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 2, 53, 56 andl 2, 80, 81, 82 amin'ity didim-pitondrana ity dia mitarika fandoavana sazy sokajy fahaefatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Tsy fanajana ny ora fampiasana fitaovana fanaovan-jaridaina sy fitaoavana hafa miteraka feo

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 50 000

**› Andinin-dalàna**

77, 87 sy 89

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 77**: Ireo asa fanamboarana na fanaovan-jaridaina ataon'ireo olona manokana amin'ny alalan'ny zavatra na fitaovana mety hiteraka fanelingelenana ny manodidina noho ny hamafin'ny feo, toy ny fanapahana ahitra misy motera, fanapahana, fandavahana, fikikisana na fanapahana mekanika dia tsy azo atao hafa tsy:

- amin'ireo andro fiasana amin'ny 8 ora 30 hatramin'ny 12 ora sy amin'ny 1 ora 30 hatramin'ny 7 ora 30 hariva.
- amin'ny sabotsy amin'ny 9 ora hatramin'ny 12 ora sy amin'ny 2 ora hatramin'ny 5 ora hariva.

**ANDININY 89**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 9 andl 1 sy andl 2, 10, 11, 15 andl 1, 16, 19, 22, 27, 31, 33, 34, 35, 36, 38, 42, 43, 44, 48, 54 andl 1, 57, 72, 77, 78, 79 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy faharoa, arahana fandraofana ireo entana tsy ara-dalàna ara-panjakana, aorian'ny fampitandremana hanara-dalàna tsy nahitam-bokatra.

## FANDIKAN-DALÀNA

### Famotehana fananan'olona, fihanihana andrinjiro, tamboho, rindrina, fampiasana famantaranoram-bahoaka, famaritana ny lalana amin'ny loko, fandrebirebena hanadalàna olona

**› Paikady ampiharana ny lalàna**

Fitsirihana ifotony, Fampitandremana, Tatitra an-tsoratra, Fandidiana handoa ny sazy ara-bola eny amin'ny toerana voatondro.

**› Ireo sazy ampiharina**

Sazy ara-bola Ar 300 000

**› Andinin-dalàna**

84, 87 sy 90

**› Ny voalazan'ny andinin-dalàna**

**ANDININY 84**: Voarara ny:


- Mamotika na manimba ny fananan'olon-kafa mihetsika na mitoetra;
- Mihanika amin'ny lafin-drindrina, amin'ny andrinjiro, fitaovam-panazavana na fitaovan-dRenivohitra hafa sy ny mihanika ny rindrina ary tamboho;
- Mampiasa ireo familiana ny fantsona na lalandrano isan-karazany, ny famantaranoram-bahoaka, ireo fitaovana fanoroana ary ny fanazavana ny lalambahoaka;
- Mamaritra marika na soratra amin'ny lalana sy ny sisindalana amin'ny alalan'ny akora samihafa.
- Mampaneno lakolosy na mandondona amin'ny varavarana mba hanadalàna ireo izay monina ao.

**ANDININY 90**: Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalazan'ny andininy 21, 23, 24, 25, 32, 39, 52, 55, 56 andl 1, 58, 59, 60, 61, 64, 65, 66, 67, 68, 73, 74, 75, 84, 85, 86 amin'ity didim-pitondrana ity dia miteraka fandoavana sazy sokajy fahatelo, arahana fandraofana ny entana tsy ara-dalàna ara-panjakana.

# Fizarana fahaenina


## Paika fampiharana

# Ireo tomponandraikitry ny fampitsaharana ny fandikana ny CMH




# Ireo paika fampiharana






# Ireo paika fampiharana (tohiny)






## Ireo sazy vonodina

**ANDININY 87**: Ireo Sazy vonodina voalazan'ity Fehezam-pitsipika ity dia sokajina ho dimy karazana:
Sokajy voalohany: Ar 5000,00
Sokajy faharoa: Ar 50.000,00
Sokajy fahatelo: Ar 300.000,00
Sokajy fahaefatra: Ar 1 000 000,00
Sokajy fahadimy: Ar 5 000 000,00.

**FAHAZOANDALANA AORIAN'NY FANDOAVAN-TSAZY:**
Rehefa tontosa ny fandoavan-tsazy vonodina dia azo atao ny mangataka fahazoandalana amin'ny Komina Antananarivo Renivohitra raha mahakasika ireto andinin-dalàna manaraka ireto ny fandikan-dalàna: 10, 15, 25, 32, 33, 44, 60, 61, 62, 64, 65, 66, 67, 73, 75, 76, 82.
Ny mpitsirika ifotony avy amin'ny Komina dia manamarina ny fahafenoan'ny fepetra takina ho amin'ny fahazoandalana.

# Fizarana fahafito

## Traikefa

### Des acquis de la Commune Urbaine d'Antananarivo en matière de gestion de la crise liée au COVID-19

# DES ACQUIS DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO EN MATIERE DE GESTION DE LA CRISE SANITAIRE LIEE AU COVID-19

du 19 mars au 31 mai 2020

3 MARCHÉS par jour

513 KM par jour

Gestion de l'hygiène des lieux publics et transports publics

1200 VÉHICULES par jour

5 sites de DÉSINFECTION par jour

## BASE DE DONNÉES

- Constitution et disposition rapide de base de données officielle en matière de transport
- Constitution et disposition rapide de base de données officielle en ressources humaines en matière d'hygiène et d'assainissement (agents HIMO et Structures RF2)
- Formation du personnel du BMH à l'utilisation du logiciel mapinfo pour le suivi SIG de l'évolution de la pandémie

## RESSOURCES HUMAINES

- Disposition en permanence et indemnisation des agents de désinfection et de nettoyage (720 heures pour les véhicules de transport, 500 heures pour les voies publiques et les marchés)
- Mesures de protection du personnel
- Information et communication

## CLIENTS

- Acquisition des gestes barrières

## ASSAINISSEMENT

- Fermeture des grands marchés municipaux pour balayage, lavage à grande eau
- Nettoyage des voies publiques

## DESINFECTION

- Désinfection des vois publiques et des marchés
- Désinfection des taxi-be et des taxi-ville sur 4 sites (Andohatapenaka, Ankatso, Ampasampito, Antsonjombe)

## SENSIBILISATION

- En matière d'hygiène des grands marchés municipaux ; vulgarisation des messages-clés WASH , Mode de lavage des mains ;

## SYNERGIE ET PARTENARIAT

- Direction des marchés - Associations des marchés - Corps de la Police Municipale - Corps des Sapeurs-pompiers - Direction de l'eau, de l'assainissement et de l'hygiène – Direction de l'urbanisme
- Ministère de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène - Ministère de la Santé publique – Ministère de la Sécurité publique
- Facilitation et rapidité des négociations avec les partenaires
- Appui en matériel de protection du personnel
- Appui en sensibilisation
- Appui en matériel d'assainissement et de désinfection

# DES ACQUIS DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO EN MATIERE DE GESTION DE LA CRISE SANITAIRE LIEE AU COVID-19

du 19 mars au 31 mai 2020

Service médical

**22** C.S.B. SUIVIS

**11396** ACTES MEDICAUX dans 4 CSB MUNICIPAUX

**2047** CONSULTATIONS MEDICALES des sans-abris

**2** SITES D'ACCUEIL des sans-abris

## RESSOURCES HUMAINES

Mesures de protection du personnel
Information et communication

## CLIENTS ET PATIENTS

Appropriation du métier de la santé
Acquisition des gestes barrières

## DESINFECTION

Désinfection du milieu de travail dans les formations sanitaires

## SENSIBILISATION

Information et communication avec les patients et les clients

## ACTES MEDICAUX

Consultation médicale – Consultation prénatale – Planning familial – Vaccination – Dépistage VIH/SIDA – Visite et pesée des enfants - Accouchement

## SYNERGIE ET PARTENARIAT

Direction de l'eau, de l'assainissement et de l'hygiène – Bureau municipal d'hygiène
Centres de santé de base II – Ministère de la santé publique
Facilitation et rapidité des négociations avec les partenaires
Overhead – ONG ASOS – Fondation Raoul Follereau
Appui en matériel de protection du personnel
Appui en sensibilisation
Appui en désinfection dans les cas contacts

# DES ACQUIS DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO EN MATIERE DE GESTION DE LA CRISE SANITAIRE LIEE AU COVID-19

du 19 mars au 31 mai 2020

Gestion des dons destinés aux populations vulnérables

- **13** AGENTS
- **1100** BENEFICIAIRES par jour
- **11** SEMAINES
- **4** CENTRES SOCIAUX
- **198** DONATEURS

## DONS DE P.P.N.

Denrées alimentaires (riz, huile, sucre)
Vêtements (adultes et enfants)

## DONS DE MATERIEL

Matelas et matériels de cuisine (pour les centres sociaux)

## DONS EN PRODUITS D'HYGIENE

10.000 flacons de gel
150.000 cache-bouches
Savon

## PERSONNEL

**Gestes barrières acquis:**

- Port de masque
- Distanciation sociale
- Lavage des mains
- Gel ou savon disponible

**Sérénité**

## ACCUEIL

**Gestes barrières acquis:**

- Port de masque, offert à ceux qui n'en ont pas
- Distanciation sociale
- Lavage des mains
- Gel ou savon disponible

## STOCKAGE

**Désinfection quotidienne :**

- Salle
- Mobilier
- Equipement

**Respect :**

- Ordre
- Propreté

## MOUVEMENT

**Réception des dons:**

- Enregistremen à l'extérieur
- Entreposage
- Vérification qualité
- Classement

**Sortie des dons:**

- Procédures et coordination

## TRANSPORT

**Transport des vivres:**

- Nombre de passagers limité
- Port de masque
- Gel désinfectant
- Désinfection en fin de cycle

## REPAS

**Cuisson:**

- A l'extérieur
- Endroit fixe

**Repas:**

- Chaud
- Sain
- Servi en barquette individuelle
- Convivial

KOMINA ANTANANARIVO RENIVOHITRA
FITALEAVANA MISAHANA NY SERASERA

JOLAY 2020

ISAN'NY NATONTA: 4 600
FAHAZOANDALANA LAH. 2020/09/001